Extrait du Madagascar-Tribune.com

http://madagascartribune.vahiny.com/Voarohirohy-ny-zanaka-mpitondra,5687.html

**Andranomanelatra**

# Voarohirohy ny zanaka mpitondra fivavahana

- Malagasy -

Date de mise en ligne : vendredi 28 mars 2008

**Madagascar-Tribune.com**

Ny 12   Martsa lasa teo dia nisy vaky trano tao Andranomanelatra ary trano mifanakaiky no lasibatry ny mpanao ratsy. Entana lafo vidy sy fitaovana elektrika, finday ary lelavola 3 500 000 Ar  no lasan'ireo jiolahy. Rehefa tonga teny anivon'ny zandarimariam-pirenena ny tatitra dia nanomboka ny fanadihadihana ka niafara tamin'ny nahatratrarana ireo mpamaky trano efa-dahy, mpandray ny halatra mirahavavy ary mpampiantrano iray. tovolahy vao erotrerony 17 taona no lehiben'ny mpangalatra ary fantatra fa zanaka mpitondra fivavahana ny iray tamin'ireo vehivavy  mpandray ny entana. Nisy ireo entana no tafaverina tamin'ny tompony. Ny vola kosa 700 000 Ar sisa no tratra. Rehefa natao ny fanadihadihana dia izy ireo ihany no tompon'antoka tamin'ilay vaky trano tao Andranomanelatra tamin'ny 11 desambra 2007. Zanak'Andranomanelatra ihany ireto jiolahy ireto, ny iray aza zanaky ny mpiasa amina orinasa lehibe iray ao an-toerana ihany.

*Copyright © Madagascar-Tribune.com* 